

## ETAT de DROIT : CONQUETE

1° Ny ahiahy tsy hihavanana. Aoka hazava fa tsy ny fanapahana noraisin'ny H.C.C. no anton'izao lahatra'asa izao. Ny fampiasana ny lalàna sy ny tany tan-dalàna entina hanazimbazimbana ny zon'olombelona, ny rariny sy ny marina ary ny hitsiny, ny fahefan'ny fitsarana hitsara sy hanapaka araka ny fitsipi-dalàna, ny eritreritra sy hodin-tsaim-pandinihan'ny Mpitsara ary ny fahaleovantenan'ny Fitsarana dia lasa tandra vadi-koditra ho an'ny mpitondra fanjakana, ny mpitsara sasany ary ny vahoaka tsy miraharaha ka hadika fa mankasitraka izany toe-javatra izany.

2° Ankehitriny anefa, indrindra fa tato ho ato, dia mitatra ireo maneho ny hatezerana eo anoloan'ny fihombon'izany fanizambazimba izany. Velom-panontaniana ireo mpampianatra lalàna raha toa ka mbola misy ilana ny fampianarana lalàna ankehitriny. Maro ireo mpamiravira ny lalàna, toa mpisolovava, fiaramonimpirenena, mpitsara sy ny hafa tsy tambo isaina tsy misalasala milaza fa adi-varotra tsy tahotra tsy henatra intsony ny fandamianan-draharaha-pitsarana.

3° Tsy afaka ny mody tsy mahita izany toe-javatra mahatsiravina izany ireo mpahay lalàna, mpampiahatra lalàna na mpisitraka ny fampiharana lalàna. Fantatra ary iaraha-manaiky mantsy fa rehefa tsy fampiharana ny lalàna marina no hitodihana handravonana ny olana fa tsy vita-ara-pihavanana intsony, dia rava ny fifampitokisana eo amin'ny fiara-monina ary tsy misy intsony fefy na aro hitandroana ny fandriampahalemana. Mipongatra ary ny tsanga-kevitra maandrangaranga fa ny fampiasan-kery sisa mandaitra hamerenana ny fiara-monina amin'ny anaran'ny filaminana araka ny fandikan'ny mpitondra fanjakana izany.

4° Misy fetrany ihany ny fitondrana miorina amin' ny fampiasan-kery : sarotra onerana izy ireny. Saika ratsy fiafara foana na mpitondra na mpifehy ny heri-pitondrana rehefa miova ny sata , ao ny maty vonoina, ao ny haza lambo tsy misy antra ao ny tsy vanon-kolona fa enjehin'ny vavam-bahoaka na ny feon'ny fieritreretana ; ny fifandrafiana misy amin'ny vahoaka dia mivadika fifankahalana lovain-jafy ; ny vokatry ny fandrosoana arar-toe-karena dia giazan'ireo mpitondra sy ny mpanohana azy indrindra ny vahiny. Ka tsy ta-hananana ny ratsy izahay no mampirangaranga ny atambo tsy maintsy sorohina.

### En finale

5° Ireo tranga isan'andro vaky efa mampiteny ny moana, ny hiaka efa mahavaky tratran'ireo tsy manan-ko hantenaina intsony, ny fahanginan'ireo efa resy tsy manan-kolazaina no manery Anay Mpahay Lalana sy Olombe samy mahatsiaro fa niangaran'ny vintana ka manana fahaizana avo lenta amin'ny lalàna, traikefa marolafy na teto an-tanindrazana na teo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ary mahatsiaro tena rehefa avy niara-nidinika hiteny am-pahatsorana sy amim-panetre-tena :

51 voalohany ny hery tsy mahaleo ny fanahy, na mora na sarotra no hatrehana ;

52 faharoa ny hahatsangy ho ary ity Firenena sy vahoaka Malagasy ity no far-fanaperana amin'ny tso-dranondRazantsika ka mahatoky izahay fa ampok'izany fahasoavana tsimanam-paharoa izany ka manana adidy tsy hiraviraviravy tàmàna

53 Resaka fanazimbazimbana lalàna no re tsy an-kiato koa io no lalan-kombana hanavotana ny Firenena sy ny Vahoaka antsika hirosoana amin'ny fanasitranana sy fisitranana izy ireo.

54 Tianay ho re-tany ren-danitra androany fa misy hirika hiatrehana ny olana vokatry ny fiheveranana fa tsy azo ivalozana ny fanapahan-kevitra ny H.C.C. satria ilay fara-fiaferana rehefa voatohina ny lalana mihitsy no voatsikera ankehitriny. Tsy mamorona izahay fa miankina na amin'ny lalàna velona sy didi-pitsarana manankery eto Madagasikara na ny lalàna sy fitsipika ary tranga iraisam-pirenena. Ny lalampanorenantsika moa dia manantitra mafy fa ny lalàna iraisam-pirenena dia mifehy koa ny Fanjakana Malagasy na fahefana mahefa izany na ny fahefana mitsara.

55 Izany rehetra izany no raiketin'ity fehin-kevitra aroso amintsika ity

6 lecture de la résolution.